MBS Radio
Efa mandeha amin'ny faritra maromaro 2


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 13 septambra 2018 Laharana 813 Vidiny : 400 Ar


**CFM** 3

**Kandidà 20 amin'ny 36 no efa nanasonia ny satan'ny fitoniana**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Faritra Menabe 2

# Tsy nisy fiomanana, tsy nisy antsoantso fa vory lanona ny vahoaka



LOZA MAHATSIRAVINA 6

## 2 maty, 31 naratra mafy tany Ambatolampy



**Fifamoivoizana** 6

## Misokatra ny ampahan'ny lalana amin'ny Petite Vitesse

**Miandrivazo** 6

## Miseho lany ny vono olona sy vaky trano

**Boriborintany faha 2 (CUA)** 5

## Nanome faradoboka maimaim-poana ho an'ny mpanala bacc

**Daka kely**

Angaha any Afrika ny vahoaka hifidy an'ialahy ry Boaikely a!

Vadin'ny depiote Rastany 2

## Nanome fanampiana ireo may fananana teny Ambohipo



FARITRA MENABE

# Tsy nisy fiomanana, tsy nisy antsoantso fa vory lanona ny vahoaka



Efa tena hariva mody masoandro ny andro no nigadona tao Morondava renivohitry ny faritra Menabe ny Filoha Marc RAVALOMANANA ny talata teo. Mialohan'izany, ny tanànan'i Mahabo no nandray ny filoha nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), laharana faha-25 amin'ny biletà tokana amin'ny fifidianana filohampirenena. Tsy nisy fiomanana, tsy nisy antsoantso fa dia vory lanona ireo vahoaka nitsena sy niandry azy tao an-toerana; tsy namelàn'ny olona raha tsy nitafa taminy mivantana i Dada. Nanambara ny filoha Marc Ravalomanana N°25 fa ho tohizana hatrany ny ezaka nataony mikasika ny fanabeazana ireo zanaka Malagasy, mba hahatonga azy ireo ho olombanona sy ho tafita amin'ny fianarana. Nitamberina avy hatrany tao an-tsain'ny filoha Marc Ravalomanana ny resaka FANABEAZANA TARANAKA satria tao Morondava no nitsiry ny hevitra nanomezany «kits scolaires» ny zaza malagasy tamin'ny fotoana nitondràny. Niniana sy nampanantena ny hiverenan'izany fanampiana izany indray ny Filoha Marc Ravalomanana tamin'ireo vahoaka marobe nihaino azy fa mahandrasa kely hoy izy. Tapakevitra isika hoy Dada fa hiasa hiaraka sy handray andraikitra hanampiana ireo mpiarabelona hivoatra amin'ny fiainana . Izany anefa tsy vita hoy izy raha tsy azo ny fahefàna, koa ilaina ny fahavononana sy ny fifampitokisana ahatanteraka izany.

***Helisoa***

MBS Radio

# Efa mandeha amin'ny faritra maromaro

MALAGASY BROADCASTING SYSTEM

Tsy niasa nandritra ny 9 taona mahery ny onjampeo MBS radio sy ny fahitalavitra, fananan'ny filoha Marc Ravalomanana, rehefa nodorana sy nopotehin' ny mpanongam-panjakàna, Andry Rajoelina sy ny forongony, tamin'ny alatsinainy mainty : 26 janoary taona 2009. Nanantena ireo fahavalom-pirenena ireo tamin'iza- ny fa tsy hijoro intsony ity onjampeo ity , ka nanjakan'izy ireo ny fahitalavitra, radio rehetra nandritra ny 9 taona be izao teto amin'ny firenena. Tao anatin'izany indrindra , maro be ireo onjampeo nisokatsokatra tsy fantatra intsony na ara-dalàna na tsia, ao anaty fanajakàna moa dia manao izay tiany atao ry zareo. Tsy nanana radio sy télé ny filoha Marc Ravalomanana nandritra ny 9 taona , gazety an-tsoratra Ny valosoa vaoavao sy Tia Tanindrazana ary Basy-Vava no mba hany nojeren'ireo mpomba an'i Dada nandritra izany. Ankehitriny , miverina amin'ny toerany indray ny radio sy fahitalavitra MBS , rehefa nomen'ny fitsaràna miady amin'ny fanjakàna rariny 9 taona aty aoriana. Efa hisandrahaka manerana ny faritra maro no hihaino sy hijery ity onjampeo ity noho izany , efa misantatra MBS Radio ny eto Antananarivo , Mahajanga, Toamasina , Antsirabe , Fianarantsoa, ho avy tsy ho ela ny any amin'ny faritra hafa. Efa heverin'ny tompon'andraikitra koa ny hanapariahana ny MBS Tv amin'ny Canal Plus mba ho hitan'ny any amin'ny faritra rehetra any.

***Helisoa***

Vadin'ny depiote Rastany

# Nanome fanampiana ireo may fananana teny Ambohipo

Nanolotra fanampiana ho an'ireo olona may fananana teny Ambohipo vokatry ny fahamaizana teny an-toerana ny alahady hifoha alatsinainy teo, ny depiote ao amin' ny Boriboritany faha-2, avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), Randrianarisoa Stanislas na Rastany omaly. Nanolotra izany fanampiana ara-bola izany teny an-toerana, nisolo tena azy noho ny maha tsy eto an-tanindrazana ny depiote, ny vadin'ny solombavambahoakan'i Madagasikara Rastany, sy ny mpiara-miasa aminy akaiky. Ireo olona nahazo fanampiana ireo dia may trano miisa 2, may fiara miisa 6 ary may moto miisa 105. Maneho ny fisaorany amin'ny depiote Randrianarisoa Stanislas ny solontenan'ireo may fananana nosoloin'i Andriamatoa Doda tena satria mahatsiaro azy ireo amin'ny andro sarotra izay namoizana ny fananany tao anatin'ny indray mipi-maso ny solombavambahoaka Rastany. Mbola mangataka amin'ireo tsara sitrapo ny fikambanan'ireo niharan-doza amin'izao fahavoazana mahazo azy ireo izao .



*Ny vadin'ny depiote Rastany, nanolotra fanampiana ho an'ireo may fananana teny Ambohipo.*

***Helisoa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

# Mbola nampiasa fahefampanjakana ny Filoha nametra-pialana

Mbola mieritreritra ihany angamba ny filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina fa mbola mitantana ny firenena izy , nefa efa namindra ny fahefàny tamin'ny filohan'ny Antenimieran-doholona Rivo Rakotovao . Ny fantatra aloha dia mbola mipetraka ao amin'ny lapam-panjakàna eny Mavoloha izy sy ny vady amanjanany, ary mbola mampiasa ny famantarana ny fiadidiana ny Repoblikan'i Madagasikara ihany, izay hita tamin'ny gazety an-tsoratra mpiseho isan'andro nivoaka ny andron'ny omaly nanaovany dokambarotra. Manoloana izany , manontany tena ny olompirenena hoe , angaha mbola filoha amperin'asa ihany i Hery Rajaonarimampianina ? sa ny filoha mpisolo toerana azy mpiara-misaosy sy mpiara- misaika hatramin'izay dia tsy olana na mbola mampiasa ny fahefam-pajakàna aza ny filoha efa nametram-pialàna ? Manoloana izany indrindra , andeha araka ny tokony ho izy tokoa ve io fifidianana filohampirenena ho avy io satria ety am-piandohana dia efa miseho lany ny tsy fanarahan-dalàna samihafa ataon'ny tompon'andraiki-panjakàna ? aleo ny ho avy no hitazanana azy , satria ny fitondràna dia milaza ombieny ombieny fa atao amin'ny ara-dalàna ny fikarakaràna io fifidianan ho avy io. Ho tompon'andraikitra sy ho tsarain'ny tantara eo ny Praiminisitra Ntsay Christian , ny filoha mpisolo toerana Rivo Rakotovao , ny CENI, raha ny mifanohitra amin'izany no hiseho eto Madagasikara .

***Helisoa***

Fanjifana

# Niakatra indray ny vidin'ny solika

Niakatra indray ny vidin'ny solika eto amintsika nanomboka omaly. Arak'izany dia niova filamatra indray tato ho ato ny tompon'andraikitra amin'ny fampakarana ity vidin-tsolika ity, tsy voalohany volana intsony fa amin'ny antenantenam-bolana indray. Nisonga lasa 3500 Ar ny vidin'ny gazoala 1 litatra, lasa 4150 Ar ny vidin'ny lasantsy 1 litatra ary 2580 Ar kosa ny solitany fandrehitra. Hita fa nitombo 50 Ar isaky ny litatra indray ny vidin'ny solika izay. Ny tompon'andraikitra ao amin'ny ministeran'ny angôvo dia efa nilaza fa fiakarana hatramin'ny 500 Ar no hotratrarina amin'ity resaka vidin-tsolika ity, saingy halefa tsikelikely izany. Ny mpanjifa hatrany no hizaka ny tsy eran'ny ainy amin'ny fiakaram-bidin'ity vokatra volamena maity ity.

***Aly***



## Ny Valosoa sy hadihady

# Kandidà 36 : tsy ny fampisehoana ny fananam-bola no hitongilanan'ny safidy

Ny vola tokoa samy manana fa ny isany no tsy mitovy. Hita taratra amin'ny hetsika ataon'ireo kandidà tsirairay amin'izao fampielezan-kevitra mialohan'ny fotoana izao ny mety habetsahany na ny hankelezany. Heverina koa anefa fa misy ny tsy mirobaroba fa mitsinjo lavidavitra kokoa mba tsy ho lany bala mialohan'ny fotoana. Azo isaina amin' ny rantsan-tànana tokoa ny sahy mamory vahoaka sy mitety faritra fa mihonona amin'ny fidirana amin'ny fandaharana manokan'ny haino aman-jery izay misy vola aloa ihany fa maivana dia maivana raha oharina amin'izay mety ho lany raha mitety faritra. Voafetra ihany anefa ny fotoana amin'ity sehatra ity ka tsy ampy hivalamparana handresena lahatra ny mpifidy sady mbola tsy maha rakotra ny faritra rehetra ny haino aman-jery. Tsy miankina amin'ny fandaniam-bola sy ny fahazoana olona betsaka amin'ny fitsidiham-paritra no haha-betsaka ny handatsa-bato ho an'ny kandidà fa tsy maintsy maha resy lahatra ny vahoaka ny vina sy programan'asa haroso ary azo antoka fa hisy fiantraikany mivantana amin'ny fiainany andavanandro eo amin'ny lafiny rehetra izany. Ho an'ny kandidà efa nitondra kosa, na dia manana vina tsara rafitra mampilendalenda aza dia mipetraka ao an-tsaina sy ho tadidin'ny niaina tamin'ny fotoana nitondrany izay nataony ka azo antoka ka rehefa nampitondra ny mangirifiry sy nampisotro ny mangidy ary namarina an-kady ny Firenena dia ho diso fanantenana. Eo koa ireo kandidà izay nandrotsaka ny volabe 50 tapitrisa ariary kanefa miverin-dàlana indray na hampihemotra na hanafoana ny fifidianana mihitsy. Mety noho ny tsy fananam-bola entina manao fampielezan-kevitra na mety hampisavorovoroana ny saim-bahoaka fotsiny ihany. Ny filohan'ny Repoblika nametra-pialàna moa dia nampiasa ny fahefany ka ny fitokanana ireo fotodrafitrasa sy ny fampielezana ilay « fisandratana 2030 » amin'ny haino aman-jery isan-karazany no fampielezan-kevitra nataony mialohan'ny fotoana. Azo antoka fa volam-bahoaka no nentina nanatanteraka ireny hetsika rehetra ireny. Tsy fantatra aloha na volany madiodio no entiny mampamoaka io vinany io amin' izao fotoana izao fa mitohy na izay vola efa natokana ho amin'izany tamin'izy mbola teo amin'ny fitondrana. Misy kandidà amin'izao fampielezan- kevitra mialohan'ny fotoana izao manaratsy ny mpitondra nifandimby teo aloha ho tsy nanao hafa tsy ny nangalatra ny volam-bahoaka sy namoaka antsokosoko ny harem-pirenena ary lasa mpanankarena tampoka. Ity kandidà ity koa anefa manan- karena, angamba niandalana, fa tamin'ny fomba miholaka ny mpiaradia amin'ny handoa ny ampaha-folonkarenany aminy. Ao koa ny kandidà toa manonofy fa hahavita làlana an'alina kilometatra ao anatin'ny fotoana fohy izay tsy nisy nahavita hafa tsy aman-jatony kilometatra fotsiny tamin'ireo mpitondra teo aloha. Tsy maintsy mahafantatra sy resy lahatra amin'ny zava-misy marina eo amin'ny sehatra rehetra ary manana tetikady voalanjalanja tsara entina hamoahana ny Firenena amin'izao kizo izao ny kandidà fa tsy hampisotro ronono an-tavy ny mpiray firenena aminy. Dimy eo ho eo izao ireo kandidà lazaina fa « favoris » noho ny fahafahany mitety faritra sy mamory vahoaka sy ny fananany vola enti-manatanteraka izany kanefa misongadiny eny ihany ny efa manana traikefa tamin'ny fanangana sy ny fampiakarana ny firenena eo amin'ny toerana mendrika azy eo anivon'ny sehatra iraisampirenena ka tsy ho jamban'ny vola hafafy etsy sy eroa sy ny fampanantenana poakaty fa hisafidy izay azo antoka hanorina ho avy mamirapiratra ho an'ny Firenena sy ny mponina ao aminy.

***Andry Tsiavalona***

RIVO RAKOTOVAO - HERY R.

# Vita ny famindram-pahefana teo amin'ny roa tonta

Vita omaly teny amin'ny lapam-panjakan'Iavoloha ny famindram-pahefana teo amin'ny filohan'ny Repoblika teo aloha Hery Rajaonarimampianina, sy ny filoha mpisolo toerana na ny Filohampanjaka-na, Rivo Rakotovao. Nanambara ny Filoham- panjakana Rivo Rakotovao nandritra izany, fa hiezaka hanaja lalàna ny tenany, tsy mihevitra ny hanalava ny fotoam-piasany eny Iavoloha sy Ambohitsorohitra, niantso ny governemanta sy ny Parlemanta izy hifanome tanana aminy amin'ny fitondrana ny firenena mandra-pahatongan'ny filohampirenena vaovao voafidim- bahoaka. Nanomboka niasa omaly amin'ny maha-filohampanjakana azy arak'izany ity filohan'ny Antenimierandoholona teo aloha ity. Mandra-pijoron'ny fitondrana vaovao amin' ny taona 2019, tsy misy olom-boafidy intsony izany ny mpitantana ambony eto amin'ny firenentsika satria ny filoha mpisolo toerana Rivo Rakotovao dia tsy olom-boafidy, toy izany koa ny Praiminisitra Ntsay Christian dia olom-boatendry.

***Isambilo***



CFM

# Kandidà 20 amin'ny 36 no efa nanasonia ny satan'ny fitoniana

Nandray ny ambasadaoron'i Korea Atsimo eto Madagasikara omaly ny filohan'ny CFM na ny Filan-kevitry ny Fampihavanana Malagasy, Maka Alphonse. Nisongadina tamin'izany fa hanampy ny CFM amin'ny asa izay ataony ity firenena any Azia ity. Ankoatra izany, momba ny fanomanana fifidianana, nanambara ny filohan'ny CFM, Maka Alphonse fa kandidà 20 amin'ireo 36 hirotsaka ho kandidà filohampirenena no efa nanasonia ny satan'ny fitoniana na ny charte d'apaisement. Mila manaiky tokoa ireo kandidà amin'izao fifidianana izao fa tokony hanaja izay fitoniana izay izy ireo mialoha, mandritra ary ao aorian'ny fifidianana, mba hizoran'io hazakazaka eny Mavoloha sy Ambohitsorohitra ara-ka ny tokony ho izy. Ao anatin'izany indrindra koa ny fanekena izay voka-pifidianana hivoaka eo. Mbola mitohy ny fitetezan'ny CFM ireo kandidà amin'ny fanasonia- vana ity satan'ny fitoniana ity.

***Isambilo***



*Ny filohan'ny CFM, Maka Alphonse.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Salama tsara ho amin'ny fiatrehana ny fifidianana Ravalo



**Marc Ravalomanana - Ofisialy :** salama tsara hiatrika ny asa miandry rehetra, indrindra ny fifidianana ny Filoha Marc Ravalomanana.

**Raparivo Raobelina :** ary bokona be kay Dada ty an, 25 eh, io ihany no atsika!

**Lala Andrianjakaniaina Mira Ramaromanana :** sur miltsy e!miaraka amin'ny plage tsara be any Morondava.

**Eric Blacko :** en forme Dada zany a ! tena hita ho tena vonona amin'ny fifidianana tokoa Pdt Marc Ravalomanana izany a!

**Santatra Rakotoarivelo :** bota2 kel Dada zany, tena efa vonona mihitsy na ara-pahasalamana, na ny hoenti-manana, ny vahoaka rahateo koa miaraka aminy.

**Bakoliarisoa Andriamiseza :** Dada tiako, hafa ihany Dada, tena en forme be.

**Razanabohary Yougeah Poulinah Brigitte :** bavata Dada e! efa vonona amin'ny fifidianana izy, latsa-bato sisa ho antsika mpifidy.

**Voary Narindra :** tena tsara zany, makaha aloha aina tsara, mbola henjana ny ady atrehina satria 1er tour dia vita no tanjona.

**Yves Sylvain Herinandrasana :** sady mbola taviny no volony e ! izy ihany no mahavita azy: mpanangana fa tsy mpandrava toy ny sasany.

**Jocelyn Randrianasoloniaina :** ary bokona an, efa tena vonona hiatrika ny fifidianana marina Pdt Marc Ravalomanana izany.

**Antonio Raharonirina:** tena en forme amin'ny hanatrarana ny tanjona 1er tour Pdt Marc Ravalomanana izany.

**Daniel Ratsimiseta:** Dada avao no antsika N°25, ho tohizana hatrany nt lalantsika e!

## TONONKALO

### VAO MAINKA HO LOZA !

Nametra-pialana ilay olom-boafidy,
Dia naka ny toerany ny olom-boatendry.
Tsy mahavoha ihany ny fanalahidy,
Satria ity mpisolo tsy olona hendry.

Ilay hery nitonona ho vaovao
Dia mba niezaka hametraka foana ny anarany.
Kanjo tsy niova ny fomba fanao,
Ary niala amin-kenatra tamin`ny farany.

Ity ilay nisolo azy koa nefa loza
Fa tena sokajin'ny mpanao androvo.
Tahaka ny boka mihalotra foza,
Mampiasa amin`ny tsy izy ny hery sy angovo.

Koa eritrereto ny zavatra hitranga
Raha mbola toy izao no hitohy eto an-dasy,
Fa tena hopotehin`ireo lalimanga
Ny ampitso sy ny hoavinao Ramalagasy !

***DADAN'i ZINA (12-09-18)***

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny filoha Marc Ravalomanana tany amin'ny faritra Menabe Mahabo sy Morondava.**









## SAF FJKM – SMT FLM

# Nifampizara traikefa amin'ny fiatrehana ny loza voajanahary

Nihaona omaly teny amin'ny foiben'ny SAF FJKM eny Antaninarenina ny solontena avy amin'ny mpandrindra ny mpirotsaka an-tsitrapo FJKM, sy ny avy amin'ny tomponandraikitra ny Soritr'asa Manohana ny Traboina na SMT FLM. Samy manana volontera izy ireo ary mirotsaka any amin' ny faritra marefo lasibatry ny loza voajanahary matetika isan-taona. Fifampizarana traikefa araka izany no natao omaly ka tanjona ny hametraka fomba fiarahamiasa amin'ireo volonteran'izy ireo mba hahafahana miara-miatrika ny fotoam-pahavaratra. Ho an'ny volontera FJKM, dia tany amin'ny taona 2014 no nisiany ary 1 alina eo amin'izao fotoana izao ny isany, izay miparitaka amin'ireo Synodamparitany miisa 12 manerana ny Nosy, izay hita ho faritra marefo sy lasibatry ny rivodoza sy ranobe matetika. Izy ireo dia nahazo fiofanana manokana momba ny fiatrehana loza sy tandindin-doza avy amin' ireo teknisiana ao amin' ny SAF FJKM miaraka amin'ireo mpiara-miasa ao amin'ny BNGRC. Mizara telo kosa ny volontera FLM, dia ny : volontera noyau, ahitana olona miisa eo amin'ny 15 avy amin'ny Synodamparitany manana traikefa ; ny volontera synodamparitany amin'ny toerana tratran'ny rivodoza matetika; ary ny volonteran'ny communauté, izay fidiana eo an-toerana ary ny traboina no mifidy azy. Amin'izao fotoana izao, ny isan'ny volontera amin'iry sokajy voalohany sy ny Synodamparitany dia eo amin'ny 150, izay sady nahazo fiofanana no afaka miasa avy hatrany. Miaramidinika amin'ny fandaminana ny toerana iandreketany ny tomponandraikitry ny roa tonta ka samy manana ny faritra iasàny avy. Rehefa mafy kosa ny loza dia miaraka amin'ny faritra iray izy ireo. Ny Forum Acte Alliance na ny Fiombonan' ny Fiangonana Protestanta maneran-tany kosa no mamatsy ara-bola ny sahan'asa.

*Radafy*

## Sakafo Ny Valosoa



**Laoka tsy misy hena ihany no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany.** Voatavo saosy no atao laoka anio.Ampiarahana aminy ny lasary voatabia sy ro matsatso anana.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny karibonetra

Ny karibonetra na ny Bicarbonate de soude: akora mora hita sady tsy lafo vidy nefa dia mahavariana ny zava-tsoa azo avy amin'ny fampiasàna azy.

1) ny masinaty : maka karibonetra tokony ho ampahatelon'ny sotrokely afangaro amin'ny rano mafana antsasaky ny vera, io no sotroina. Eo no eo dia mety handrezatra be ianao , tsy misotro intsony rehefa afaka ny masinaty. (ny masinaty dia avy amin'ny hoe masina+aty. izany hoe somary re mamaivay ny vavony izay mifandray andraikitra amin'ny aty, be loatra ny laro avoakan'ny aty noho ny fahatongavan'ny sakafo navesatra loatra, hany ka be ny tahan'ny asidra mpandevon-kanina dia lasa re mamaivay marikivy ny vavony. tsy fahatomombanan'ny taova fandevonankanina no mampamasinaty).

2) ny ati-vava : rarahana Karibonetra ny fitaovana fiborosiana nify, somary maisamaisatra nefa dia mamono ireo karazana « bactéries » any antsefatsefaky ny nify any.

3) ny akanjonify marary : raha misy maharary ny akanjonify dia lemo kely ny loha-panondronao ary atsoboy anaty karibonetra, petapetao amin'ilay faritra maharary anao ao anaty ativava izany.

4) ny ankizy mifoha nify : lemo kely ny loha-panondronao ary atsoboy anaty karibonetra, petapetao amin'ilay faritra misy ilay nify vao hipongatra.

5) ny « Infections urinaires » : maka karibonetra tokony ho antsasaky ny sotrokely afangaro amin'ny rano 8 vera eo ho eo, io hosotroina ao anatin'ny 24 ora.



## NY VALOSOA sy Mahavariana

# Ny tanànan'Andapa any amin'ny faritra Sava

Ny tanànan'Andapa any amin'ny faritra Sava indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-drenivohitra ny tanànan'Andapa. 108 km miala an'i Sambava renivohitry ny faritra Sava no misy azy. Ny 88% ny mponina any an-toerana dia mpamboly: vary, lavanila, voatabia, tsaramaso… Manana seranam-piaramanidina ny tanànan'Andapa. Ity tanàna ity dia ao anatina karazana koveta.



## TAFATAFA

### Raniry any Mahajanga

# Betsaka ny ho diso kajy satria tena tian'i olona Ravalo

***Fanehoan-kevitr'i Raniry, mpanoratra sy mpanakanto any Mahajanga indray no Tafatafa eto amin'ny gazetinao androany:***



Roso toy tsa mimpody koa! Izay raha fehezina ny hafatra napetrak'i Dada Marc RAVALOMANANA teto Mahajanga hoy izy. "Mila tanterahana io fifidianana io fa lalina loatra ny fahasahiranana mihàtra amin'ny vahoaka Malagasy ka mila fanavotana faran'izay haingana". Efa nantitranterina teto ihany fa tsy matahotra fifidianana velively ny zanak'i Dada saingy tokony hatao mazava tsara aloha ny fitsipi-dalao rehetra. Misy siosion-dresaka mandeha mantsy ankehitriny fa efa manomana "plan B" sahady, hono, ny sasany satria fantany tsara fa ho tena saro-toerana izy raha fifidianana madio sy mangarahara no atao. Tena tsy nampoizin'ny mpanao pôlitika maro ny mbola fankafizan'ny vahoaka Malagasy an'i Dada Marc RAVALOMANANA. Tsy misy dokambarotra mipoapoaka be sy fanetsehana araka izay azo atao ny lafiny serasera ary fitondrana "artistes" maro tahaka ny ataon'ny sasany kanefa mahavory olona be dia be. Tsy vitan'izay fa tena tsapa tokoa fa olona resy lahatra sy vonon-kifidy azy avokoa no tonga manatona azy. Nanaporofo an'izany ny zava-nitranga tamin' iny lalam-pirenena fahaefatra iny farany teo, vory lanona hatrany ny olona raha vantany vao mahare fa handalo i Dada Marc RAVALOMANANA. Betsaka ny diso kajy sy diso tetika, toa ho sarotra ny fandidiana raha dinihina ka izany no mahatonga azy hanomana ny "plan B" dieny izao. Eo indrindra no hanentanana antsika rehetra mba ho mailo tanteraka. Tongava daholo mifidy fa hanova tanteraka ny tantara eto amin'ny firenena isika. Mila fanavotana i Madagsikara fa tena tsy rariny intsony ny zavatra iainany ankehitriny. Firenena iarahamanana izy ity koa samia tonga saina fa tsy ho kizo fara intsony ny dimby sy fara (mba tsy ilazako ilay hoe "taranaka amam-para!"). Noho izany dia manao antso avo amin'ny mpitandro ny filaminana dia ireo tandroka hiaro ny vozona ny tenako. Miangavy mafy re izahay vahoaka, mba asio vokany sy fiantraikany eto amin'ny firenena ny fampiakarana galona izay nisesisesy tato anatin'ny taona nifandimby izay. Iaraha-mahalala fa tena tsy mandry fahalemana ny tany ankehitriny, na an-tanàn-dehibe na any ambanivohitra. Mino izahay vahoaka fa vitanareo tokoa ny manafoana io tsy fandriampahalemana efa tena tsy eran'ny aina sy tsy zakan'ny saina mahazo laka manerana ny Nosy io ao anatin'ny fotoana fohy. Ataovy ny "grande opération" na "grand ménage". Hetseho daholo ny hery rehetra mba hifanome tanana hamongotra io tsy fandriampahalemana mampikaikaika ny valala tsy mandady harona io. Manao antso avo amin'ireo malala-tanana ihany koa mba hifanampy sy hifanome tanana mba hahatontosa izany an-tsakany sy an-davany. Miangavy ny fahatsorampon'ireo kandidà manana "helicopter" sy manana fiaramanidina hafa ary manana fiara tsy mataho-dalana maro mba hanampy ireo mpitandro ny filaminana ireo mba hamongorana ireo karazan-dahalo na any antsaha na etỳ an-tanàn-dehibe. Alohan'ny hirosoana amin'ny fifidianana dia aleo mba apetraka eto amin'ny firenena ny fahatoniana tanteraka. Azo atao koa anie ny manao antso avo amin'ny tafika iraisam-pirenena mba hamongorana ao anaty fotoana fohy io tsy fandriampahalemana io e! Io ve dia tsy ho vita ao anatin'ny iray volana raha toa ka tena misy tokoa ny fahavononana na ny "volonté de faire"? Manaraka izany dia efa voalaza tetsy am-piandohana fa hanomana "plan B", hono, ny sasany. Inona moa ilay "plan B"? Hangala-bato ny voalohany, hampiasa ny fahefam-panjakana amin' ny alalan'ny faneriterena maro isan-karazany ny faharoa ary hamboly korontana sy savorovoro ny fahatelo farany. Mahakasika ny hala-bato aloha no asian-teny voalohany : Zavatra efa fahita sy tsy vaovao intsony amintsika Malagasy izany, hafa ny zavanisy tao amin'ny biraom-pifidianana, hafa ny PV tonga any amin'ny tompon'andraikitra. Zavatra efa fahita ny fanodinana ny valim-pifidianana eny am-panidinana sy eny am-pandehanana eny. Mafy izany te-hahazo fitondrana izany ka zary manao ny tsy fanao mihitsy ny sasany. Atobaka ny vola, atao ny faneriterena sy ny fandrahonana isan-karazany, ampiasaina daholo ny tetika rehetra izay azo atao, eny, na dia handatsahana ain'olona aza izany tsy mampaninona azy. Koa samia mailo isika rehetra, ampiasao daholo izay fomba rehetra azo itazonana ny marina. Efa mivoatra izao ny "technologie", alaivo sary ny valim-pifidianana izay nisy tany amin'ny biraom-pifidianana nisy anao dia aparitaho amin'ireo tambazotran-tserasera maro isan-karazany. Ho antsika zanak'i Dada dia aoka hofantenana tsara izay olona hisolo tena antsika any amin'ireo biraom-pifidianana rehetra manerana ny Nosy fa tena tsy azo lavina fa misy tokoa ny olombelona mividy olombelona. Tsy azo odian-tsy hita ary efa fantatsika rehetra fa jamban'ny vola Raolombelona ka aoka lahy... Ny vola rahateo efa voalaza fa tena manana ny ampy, hono, ny kandidà sasany... Mahakasika ny faneriterena samihafa indray dia aoka samy hampiasa ny feon'ny fieritreretany ny tsirairay. Safidinao samirery ny ao anaty trano fisainana ao koa ampiasao ny feon'ny fieritreretanao. Fanavotam-pirenena no atao koa saino tsara sy diniho ihany... Mahakasika ny mety hambolena korontana indray dia mitodika tanteraka any amin'ireo tandroka hiaro ny vozona ny tenako. Ianareo no manda fiarovana eto amin'ny firenena koa matoky tanteraka ny fahendrenareo izahay vahoaka. Aoka ny marina ihany, ny marina hatrany no hotandrovantsika toy ny anakandriamaso mba hanjaka eto amin'ny firenena ny rariny, rariny hampisy fitoniana sy filaminana ary fampandrosoana eto amin'ny firenena.

***Nangonin'Isambilo***

## NY TENY FIAINANA

***Matio 6:20***

*Fa miharia harena ho anareo any an-danitra, izay tsy misy kalalao na harafesina manimba, sady tsy misy mpangalatra manamitrano na mangalatra.*

### BORIBORINTANY FAHA 2 (CUA)

# Nanome faradoboka maimaimpoana ho an'ny mpanala bacc

Ny taona 1871 no niorina ny kolejy anglikana Saint Laurent Ambohimanoro, maro ireo olona ambony sy manampahaizana navoakan'ny sekoly, anisan'izany ny Praofesora RATSIMAMANGA. Tsy mitsahamitombo ny vokatra azo. Raha ny fanadinana CEPE manoka- na dia 100%, ny BEPC 65%, ny Bacc 75%. No-ho ny fitsinjovan'ity sekoly ity ny maha zava-dehibe ny fanabeazana eto Madagasikara dia nanome tanana ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) sy ny boriborintany faha- 2 izy, tamin'ny alalan'ny talentsekoly, Rasolofomanana Seth, sy ny mpiaramiasa aminy anaovana ny cours faradoboka maimaimpoana ho an' ireo mpianatra hanala fanadinana Bacc. Ny ben' ny tanàna Lalao Ravalomanana ihany koa dia manana ny vinany amin' ny fitsinjovana ny mpianatra araka ny nambaran'ny delegen'ny boriborintany faha2, Razafindraibe Jacques, izany no nanosika ny ben'ny tanàna ampanao izao cours maimaimpoana ho an'ny ankizy manerana ny boriborintany 6 eto Antananarivo Renivohitra izao , ka anisan'izany ny boriborintany faha 2 . Hitohy hatrany ny hetsika toy izao hoy ity farany , ka ny irariana dia mba ho afa-panadinana soa aman-tsara daholo ny mpanao cours rehetra izao. Naneho ny hafaliany kosa ireo mpianatra hanala fanadinana satria zava-dehibe amin' izy ireo ny fanomezam-pahalalàna nataon'ny ben' ny Tanàna Lalao Ravalomanana , tena reny tokoa izy ka dia isaorana manokana Marihina fa efatra andro no fanaretan'ny cours faradoboka , ka ahitana ireo sokajy roa dia ny siantifika sy ny literera.

***Helisoa***

### Boriborintany voalohany (CUA)

# Laharampahamehana ny fanadiovana tanàna

Nataon'ny biriborintany voalohany eto amin'ny kaominina Antananarivo renivohitra (CUA), ho laharampahamehana ny fanadioavana ny tanàna. Tafiditra ao anatin'izany ny fandaminana ny fifamoivoizana eo amin'ny mpandeha an-tongotra sy ny mpandeha fiara. Mitohy hatrany ny fivoriana eo amin'ireo tompon'andraikitra samihafa mahakasika ity fandaminana ity. Ny tsy hampijaly ny mpandeha an-tongotra, nefa tsy hampisy fitohanana sy loza ho an'ny mpitondra fiara no tanjona hoy ny delegen'



ny boriborintany voalohany eto Antananarivo renivohitra, Bernard Joseph nandritra ny resaka nifanaovany tamin'ny mpanao gazety. Samy jerena avokoa mantsy na ny olona, na ny fiara hoy izy mba hialàna amin'ny olana mety mitranga. Vonona ihany koa ny boriborintany voalohany hihaino ny hetahetan'ny olona sy hifanakalo hevitra aminy mba ho fitsinjovana ny mahaolona sy hitadiavana vahaolana hatrany ho fampandrosoana ny tanàna. Tsy ny fanadiovana ny tsena ihany no hetsika aloha hatreto, fa eo koa ny fitohizan'ny fanomezana kopia ho an'ireo mpianatra hanala fanadinana efa nanomboka ny alatsinainy lasa teo.

***Rajo***

### Festival Rodorodo 2018

# Hotanterahina any Manjakandriana ny 28- 30 Septembra

Averina ny maha-izy azy an'i Manjakandriana noho izy vavahadin' Imerina. Ho tairina ny hambompon'ny vahoaka ka hamaritra paik'ady iraisana hanafainganana ny fampandrosoana ara-toe-karena, sosialy ary kolotoraly ny faritr'i Manjakandriana. Nisongadina ireo nandritry ny valan-dresaka nataon'ny mpikarakara ny "Festival Rodorodo 2018" hotanterahina any Manjakandriana ny 28 hatramin'ny 30 septembra 2018 ho avy izao. Ho hita amin'izany ny mampiavaka an'i Manjakandriana eo amin'ny sehatra samihafa. Eo ny lalao ara-panatanjahantena, ny carnaval mamakivaky ny tanànan'i Manjakandriana ny andro zoma, fampisehoana handraisan'ny zanak'i Manjakandriana anjara ny sabotsy arahana afo manga. Ny Alahady dia vakodrazana iarahan'ny zanak'i Manjakandriana izay efa manana hira mampiavaka azy ankehitriny, ka ny filamatra amin'izany dia ny hoe "Midiramidira Razanaboromanga… ny lalaonay fahiny ataonay malaza", santionany amin'ny hira mitondra ny lohateny hoe Manjakandriana io. Manentana ny zanak'i Manjakandriana , ny olom-boafidy isan-tokony, ireo vato nasondrotry ny tany , terak'i Manjakandriana sns… ny mpikarakara ity hesika ity ho tonga maro sy hifanome tànana amin' izany "Festival Rodorodo 2018" izany izay hotanterahina ao Manjakandriana renivohitra. Mpi- ara-miasa amin'ity hetsika ity ny Radio Vakiniadiana. Tsiahivina fa an- diany voalohany ity hetsika hokarakaraina ity raha ny nambaran'ny mpandrindra ny hetsika, Rakotozafy Haja tamin' ny mpanao gazety , fa mbola hitohy hatrany satria ny fampandrosoana tsy vita iray andro hoy izy.

***Rajo***

FIFAMOIVOIZANA

## Misokatra ny ampahany ny lalana amin'ny Petite Vitesse



*Ny fanatsarana ny lalana etsy amin'ny Petite Vitesse.*

Nosokafan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ny Lalana Rainibetsimisaraka manoloana ny Petite Vitesse, nanomboka ny talata 11 Septambra 2018, rehefa nihidy tsy afaka nampiasain'ny fiarakodia nandritra ny efa-bolana. Noraisin'ny Kaominina izao fanapahan-kevitra izao mba ho fisorohana ny fitohanan'ny fifamoivoizana izay tena isan'ny mampikaikaika ny olona tokoa ankehitriny. Vao mangiran-dratsy araka izany dia tonga niara-nientana tamin'ny fanadiovana sy ny fanesorana ireo mpivarotra amoron-dalana izay tena hita fa manelingelina ny fifamoivoizana ireo ekipan'ny Boriboritany Voalohany, ireo mpiandraikitra ny tsena ary ny Polisy Monisipaly. Araka ny nambaran'ny tompon' andraikitra avy eo anivon'ny Boriboritany Voalohany dia efa iarahamahalala ary mbola hamafisina hatrany fa ny « trottoir » dia natokana ho an'ny mpandeha tongotra, ny arabe ho an'ny fiara ary ny tsena kosa dia ho an'ny mpivarotra, entanina hatrany araka izany ny tsirairay mba samy hanaraka izany fandaminana izany. Tsara ny manamarika fa ireo mpivarotra dia efa nifanaiky tamin'izy ireo fa samy hanaraka ireo lamina izay hapetraka. Ny fanadiovana sy ny fandaminana ny Tanànan' Antananarivo Renivohitra dia mbola mitohy hatrany satria dia « Tanàna madio sy milamina no tanjona ».

***Aly***

Loza mahatsiravina

## 2 maty, 31 naratra mafy tany Ambatolampy



*Loza mahatsiravina nitranga tany Ambatolampy.*

Nisehoana lozam-pifamoivoizana miisa 2 tamin'iny lalam-pirenena faha-7 iny, tany amin'ny distrikan'Ambatolampy omaly. Ny voalohany dia fiara Sprinter mpitatitra zotra nasionaly iray nisongona fiara 4x4 no nidona tamin'ny kamiao. Ny lozam-pifamoivoizana faharoa indray dia fiara lehibe mpitatitra entana iray no nivarina tany an-kady. Vokatr'ireo lozam-pifamoivoizana miisa 2 ireo: olona 2 no namoy ny ainy, 31 naratra mafy. Ireo naratra dia tsaboina ao amin'ny hopitaly any Ambatolampy, ireo maty kosa dia efa lasan'ny fianakaviany ny razana. Raha vao nandre ireo loza ireo, ireo tompon'andraiki-panjakana tany an-toerana, notarihan'ny lehiben'ny distrika dia nijery ny zava-nitranga tamin'ireo toerana nitrangan'ny loza. Fandehanana mafy loatra avokoa no nahatonga izao loza izao, ka tokony hitandrina hatrany ireo mpampiasa lalana amin'izao fotoam-pialan-tsasatra mahabe ny fiara mifamevivezy izao.

***Ny Valosoa***

Tsy fandriampahalemana

## Omby telo indray no very tao Ambohitromby Ankazobe

Ny alin'ny talata hifoha omaly aalarobia, dia omby telo indray no very tao amin'ny tanànan' Ambohitromby, kaominina Ambohitromby, distrikan' Ankazobe . Ny maraina vao hitan'ny tompony fa very ny omby, ka teo vao taitra niantso ny mponina teo an-tanàna. Niezaka nanara-dia ny omby very ireo mponina avy eo ary nampilaza ny mpitandro filaminana ihany koa. Vao ny herinandro lasa teo dia omby enina ihany koa no very avy any amin'ny kaominina Kiangara ka tratra tao Ambohitromby ny iray tamin' ireo omby ireo. Mafanafana indray ny resaka tsy fandriampahalemana any amin'iny faritr'Ankazobe iny ankehitriny ka hanairan'ny mponina ny fitondram-panjakana mahefa ankehitriny, mba hijery akaiky ity tranga mampalahelo ny tantsaha any amin'iny distrikan' Ankazobe iny. Tsiahivina, fa raha voalohany hatrany Ankazobe eo amin' ny resaka doro tanety, dia tafiditra ao anatin'ny tsy fandriampahalemana sy ny asan-jiolahy koa Ankazobe ankehitriny. Mila henon'ny mpitondra io satria mety ho mandry tsilavoloha ny tantsaha raha izao no mitohy satria variana amin'ny resaka pôlitika fotsiny sisa amin'izao ankatoky ny fifidianana filoham-pirenena amin' ity taona ity izao ny mpitondra fanjakana.

***Rajo***

Miandrivazo

## Miseho lany ny vono olona sy vaky trano

Raha ny halatr'omby no nampalaza ny distrikan'i Miandrivazo, efa ny vaky trano ao an-tanàna sy famonoana ireo mpandraharaha indray no ataon' ireo dahalo ankehitriny. Olona roa no maty afak' omaly voatifitr'ireo dahalo raha nandeha moto hividy vokatra tsaramaso any Antso Ankatsaka fokontany Ambalakida , avy ao Ambatolahy no fiavian'izy roalahy namoy ny ainy ireto ary mpandraharaha tsaramaso any amin'iny faritra iny. Vola mitetina 3 tapitrisa Ar no lasan'ireo tsy mataho-tody tamin'izany. Fa nitrangana vakitrano ihany koa omaly hariva tao an-tampon-tanànan'i Miandrivazo tokony ho tamin'ny 8 ora alina, tranona mpandraharaha mivarotra lamba ity nahita faisana ity, nambanan'ireo dahalo basy ny tao an-trano ary nangonin'ireto dahalo avokoa ny entana sy ny vola ary ny zavatra sarobidy tao an-trano, tsy afaka niantso hazolava ity tokantrano ity raha tsy efa lasa lavitra ireo mpanao ratsy. Efa nisy ny fanarahan-dia nataon'ny zandary ary andrasana ny vokatra ny fanarahan-dia.

***Serge***

Fiomanana amin'ny fahavaratra

## Mamaha ny olana amin'ny fiakaran' ny rano ny Boriboritany I (CUA)

Naharitra efa-bolana teo ny asa fanadiovana sy ny fanamboarana ireo lakan-drano manary ny rano maloto hivarina any amin'ny « canal » Andriambeloma tao amin'ny Fokontany Andranomanalina voalohany, afovoany ary ny Fokontany Anatihazo Isotry. Amin'izao fotoana izao dia efa eo am-pamaranana ny asa tanteraka ny Boriboritany Voalohany sy ny SAMVA, tamin'ny alalan'ny fijerena ireo fomba hanaronana sy ny fanondrotana ny hahavon'ireo « buse » mba tsy hiverenan'ny rano maloto any anaty fokontany indray. Tsara marihina fa anisan'ny mampikaikaika ny mponina eny anivon'ireto Fokontany 3 ireto ny fiakaran'ny rano rehefa tonga ny fotoam-pahavaratra satria tokoa mantsy hoy ny tompon'andraikitra avy eo anivon'ny Boriboritany Voalohany, fa rotsa-korana kely monja dia efa maha dibo-drano eny amin'ireo faritra ireo. Ankehitriny kosa dia efa hita fa misy ny fivoarana taorian'ny asa fanadiovana ary azo heverina ny tsy hisian'ny fiakaran'ny rano rehefa tonga ny fotoam-pahavaratra satria dia efa milamina tanteraka ny lalana fivoahan'ny rano. Ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) dia tsy mitsahatra ny mitady vahaolana ho an'ny mponina. Ny asa fiatrehana amin'ny fahavaratra ihany koa dia mbola mitohy hatrany eny anivon'ity Boriboritany Voalohany ity.

***Aly***



*Ny fanadiovana tatatra nataon'ny Boriboritany I.*

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy momba ny tokony hitandroana hatrany ny fahadiovana.

Misy ny mety ho tezitra mamaky an'izao manaraka izao. Zava-misy tsy azo lavina. Tongo-bakivaky. Raha misy ny loto eny rehetra eny, na misy manao maloto eny rehetra eny, na tsentsina ny lakandrano, na maloto be ny toerana avy nivarotana, na maloto be masiso ny stade avy nijerena baolina, na feno pipi sy kaka ny avenue de l'independance, sns ... Avy amin'izy ireny ? Iza no nahatonga ireny ? Avy amin-tsika rehetra ihany. Tokony samy miezaka fa tsy hifanome tsiny fotsiny. Manaraka ny fandaminana sy ny fandrindrana fa tsy samy manao izay saim-pantany. Matoa ny Firenena any rehetra any mandroso dia samy miezaka ny rehetra, na ny mpitondra, na ny entina, mitandrona hatrany ny fahadiovana sy ny fitsipika.

***Andry Rasamindrakotroka***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Sandra A

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**8/09/18 hatramin'ny 15/09/18**

- **RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycée Rabearivelo) 020 22 240 64/034 45 222 05
- **SANTE** (Behoririka 1ère à droite à partir station Shell) 020 22 540 32/ 032 05 540 32
- **MAHASOA** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 622 50
- **NY AINA** (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95
- **AICHA** (Près CENAM 67ha) 020 22 620 02

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 813-09-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

TETIKASA VOATRA ASA

## Efa voafehin'ny jamba ny informatika

Mpianatra osa maso miisa 12 mianadahy andiany faha -9 izay nahavita ny fianarana mahakasika ny "informatique adaptée" no indray navoaka ny zoma lasa teo, tao amin'ny sekoly "Centre de Formation Professionnelle en Informatique adaptée", nianatra nandritra ny 3 volana izay tantanin'ny tetikasa VOATRA ASA etsy Mahazoarivo Antsirabe. Olona jamba afaka mianatra sy miasa, tokony hianatra sy hiasa", io no anisan'ny tanjona entina manentana ny rehetra amin'ny fanampiana ireo olona manana fahasembana ara-pahitana ireto. Tonga nanome voninahitra izao lanonana izao ny sekretera jeneraly Faritra Vakinankaratra Andriamatoa RAKOTOMAHANDRY Thimoté sy ny avy ao amin'ny Prefektiora. Faritra maro no hiasan'ny tetikasa Voatra Asa manerana an'i Madagasikara, ka anisan'izany ny eto Vakinankaratra, ny Faritra Amoron'i Mania, Faritra Mahatsiatra ambony, ary Atsimo Andrefana. Raha ho an'ny Faritra Vakinankaratra manokana kosa dia efa mahatratra 80 ireo ankizy navoaka hatramin'ny nitsanganan'ny tetikasa Vaotra Asa ary olona jamba miisa 400 no misitraka izany amin'izao fotoana izao. Ny tanjona amin'izao dia ny hanampiana ireo olona jamba amin'ny sehatry ny asa sy ho fanesorana azy ireo ny vesatry ny fiaraha-monina ary indrindra ny mba hahafehezany ny asa izay ho sahaniny eny anivon'ireny orinasa izay handray azy ireny, hoy hatrany ny lehiben'ny tetikasa Voatra Asa eto Antsirabe. Ny antom-pisian'ny tetikasa dia miezaka mamantatra sy manentana ireo olona manana fahasembana ara-pahitana ireo eny anivon'ny Fiaraha-monina ary manampy azy ireny amin'ny fampianarana, izay sahaza azy tsirairay. Fanirian'ireto olona manana fahasembanana ireto ny hijerena azy ireo akaiky sy ny hampitoviana azy ireo amin'ny olona rehetra tsy manana fahasembanana.

***Lezama***

Fort Dauphin

## Mijaly amin'ny tsy fisian-drano ny mponina

Tsy mahazo rano ny toerana iva ao amin'ny kaomina ambonivihitr'i Fort Dauphin. 4 andro amin'izao fotoana anoratanay no nisian'izany. Fijaliana no mahazo ny renimpianakaviana satria dia any amin'ireo farihy manodidina ny tanàna any amin'ny 4 km no maka rano hosotroina sy hampiasaina. Ny hafa manenjika rano amin'ireo toerana iva. Ny manaitra ny maro, tsy miraharaha ny mpanjifa ny Jirama mba mitondra fanazavana ny antony. Tsy ny rano ihany no mampijaly ny mponina ao an-drenivohitra Anôsy fa tapaka koa ny jiro. Ao anatin'ny 45 min dia in-5 tapaka ny herin'aratra. Betsaka ireo entana mandeha amin'ny herin'aratra no simba. Entana maro no simba. Matetika miverimberina ny tranga eo anivon'ny Jirama any Fort Dauphin ity. Na ny jiro na ny rano samy miteraka risarisa ho an'ny mponina avokoa. Tsy vao izao no nisehoan'izany fa im-betsaka. Mila fanovana amin'ny fitantanana ny Jirama ny ao Fort Dauphin ao.

***Mangarahara***

Ambatondrazaka

## Faha-60 taonan'ny kaominina, miantso ny rehetra hifanampy ny ben'ny tanàna



*Ny ben'ny tanànan' Ambatondrazaka.*


Hankalazaina amin'ny fomba manetriketrika ny taona ho avy io ny faha-60 taonan'ny kaominina Ambatondrazaka renivohitra. Tsy ho vitantsika irery anefa izany hoy ny Ben'ny tanàna Rafidimanana Louis Felicité fa tsy maintsy hiarahana miasa. Manao antso avo araka izany izy ireo mba hiaraka hisalahy amin'io fikarakarana io satria fantatra fa hatsangana tsy ho ela ny komity mikarakara io lanonana lehibe ho enti-mankalaza io faha-60 taona io. Tsy ho fandaniana be fahatany hoy izy fa mba hanaraka ny fenitra maha- biraon'ny kaominina tanàndehibe azy sady tsy vitan'izay fa kaominina renivohi-paritra ihany koa. Mba hampangaraharaha ny fitantanana ny raharaha rehetra mandritra io fankalazana io ihany koa no hanentanana ny rehetra handray anjara amin'ny fananganana ny komity mpitantana hoy izy, satria marobe ny zanaka ampielezana izay nivoaka avy aty Ambatondrazaka no efa lasa lavitra eo amin'ny seha-pihariana no mitàna andraikitra ambony ihany koa. Ankoatra io fifampiantsoana fifanomezan-tanana io dia fantatra ihany koa fa isan'ny zava-dehibe ny fandoavan'ny rehetra ny hetra tokony ho efainy amin'ny kaominina satria iny no ahafahana manamboatra zavatra hoy ny Ben'ny tanàna. Hatreto mbola ireo izay mpandoa izany ihany no manefa hoy hatrany ny Ben'ny tanàna Rafidimanana Lois Felicité. Zara raha ny 30% ny vahoaka no manefa izany izay hanentanany manokana ny vahoakan' Ambatondrazaka mba handrotsaka ny anjarany ahafahana mamita ny asa izay ho tombontsoan' ny kaominina Ambatondrazaka renivohitra toy ny fananganana foto-drafitr'asa sy ny fampihodinan-draharaham-bahoaka.

***Raoul***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 251




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0250)

***Mitsivalana***
- Vahiny
- Omena – Ar
- To – Osy
- Lasany
- Adinonay
- Vakana
- Osa – Telo (Miv)

***Mitsangana***
- Voalavo
- Ma (Miv) – Sada (Miv)
- Hetsika
- Inoana
- Na – Nono
- Lanio (Miv)
- As
- Tsiriry (Miv)

## TENY MIFANAPAKA N° 251




**Mitsivalana**

**1.** Hiseho **2.** Romana – Tampisaka **3.** Andosirana **4.** Nanapaka – Mikoriana ao anaty **5.** Voankazo (Miv) **6.** Tampisaka (Miv) – Entana sy vola fanaovana toky **7.** Gia – Todika (Miv) **8.** Heno – Metaly (Miv) – Mpisolo tena (Miv) **9.** Saribao – Nizararoa (BL) **10.** Ilainay (Miv) – Zanaky i Raneny

**Mitsangana**

**A.** Endrika amam-bika – Ala, esotra **B.** Naoty – Asa maizina **D.** Fonenany – Fanitarana **E.** Fanafody – Hery sy tanjaka **F.** Alina – Ao amin'ny ratra sy fery **G.** Nandeha mora, nilamina **H.** Nitango zava-maniry **I.** Vizana – Tany mena **J.** Fitaovana fianarana **K.** Havoana sy tanimbary

### Valiny Teny mifanaraka 0250

***Mitsivalana***

1 Mpanakanto 2. Fo 3. Tapaka - Nao 4. Ady - Antsy (Miv) 5. Fiovanao 6. Ny (Miv) - Soa 7. Alahasoty 8. RR - Do - Tia 9. Nenina 10. Maa - Ondana

***Mitsangana***

A. Nitafy - RNM B. Adinareo D. Ampio -Na E. Voady F. Koa (Miv) - Hono G. Aingo - AN H. Fa (Miv) - Sa - ST I. Tontosaina J. An(atra) - Ota K. Vooray - Ba

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

**Ny filoha Marc Ravalomanana tany amin'ny faritra Menabe Mahabo sy Morondava.**













